Ankereo (Nosy Fasy)

Gny mpihaza eto Andavadoaka, tamin’ny faha 24 Oktobra taona 2004, dia niarananaiky sy niararananao sonia gny Dina ifampifeheza ho fametrahana ny faritra arova egny Ankereo (Nosy fasy), izay tsy azo angalà horita manomboka ny voalohan’ny volana Novambra 2004 ka maharitre 07 volana. Gny mpihaza, gny Ray Amandreny, gny Blue Ventures ary gny WCS no niara-namolavola gny Dina satria gny mpihaza sy gny mpanangom-bokatre madinika dia nahatsapa fa nihena gny habevatany sy gny hamaron’ny horita egny Ankereo nandritra gny taona 2003 sy 2004.

Tamin'ny famolavolana gny Dina dia nihaona tamin'ny mponina sy gny mpihaza eto Andavadoaka gny Blue Ventures sy gny WCS, nanomboke ny faha 22 Octobra ka naharitra 3 andro. Tamin'io fihaonam-be io dia niady hevitra gny mpihaza sy gny Ray Amandreny teo amin'ny antony mahatonga ny fihenan'ny horita egny Ankereo egny, ary niady hevitra koa gny momba gny Dina mety ho vahaolana manoloana izany. Nandritra gny ady hevitra dia niara nanapaka gny rehetra fa gny horita latsaky ny tapakilao (500g) ato amin'ny faritra dia tsy azo alaina ary koa izay tratra maka horita egny Ankereo mandritran'io fotoana nifanarahana io dia mandoa lamandy mitentina 5 ambony gny vidin'ny horita azony.

Hita etsy ambany gny dika mitovin'ny Dina sy gny sonian'ny mpihaza izay manamafy gny fiarovana ny Ankereo sy gny fitsinjovana gny hoavin'ny toekarona eto Andavadoaka.



DINA IFAMPIFEHEZANA
MOMBA NY FITANTANANA NY FIHAZANA HORITA
ATO AMIN'NY FARITRA ANDAVADOAKA

Rehefa nivory indroa miantoana (21, 22 Oktobre 2004) ny mpihaky horita (zaza amam-behivavy) sy ny mpihaza (Johary) teto amin'ny fokontany Andavadoaka, niaraka tamin'ireo tompon'andarikitra ao amin'ny Cooperative Maritime du 22ème Parallele, natrehan'ny solon-tena avy amin'ny : IHSM, WCS, Blue Ventures, dia nandray izao fanapahan-kevitra izao:

- Ho fitsinjovana ny fitrandrahana maharitra ny horita dia harovana tsy hiakana horita mandritra ny 6 volana ny eny Ankereo (Nosy Fasy).
- Manomboka ny 1 Novembre 2004 izany ka hatramin'ny 31 Mey 2005
- Ny mihaza sy mamintana dia tsy voarara, raha sendra misy horita voafandriky ny harato na azon'ny firango tsy fidiny dia azo entina mody.
- Hisy mpiambina (gardien) hanara-maso ny faritra arovana

Araka ny fana-pahankevitra dia ho voan'ny DINA araka izao manaraka izao izay mandika ireo fifanarahana ireo:

- Mandoa vola avo dimy heny miohatra amin'ny vidin'ny horita andraisan'ny mpanangombokatra (collecteurs) azy amin'ny fotoana nahatratrarana azy.
- Tanana ho fananan'ny koperativa ny vokatra azo.
- Ampahafantarina amin'ny fokonolona ilay olona nandika ny fifanarahana.

Notapahina ihany koa fa rehefa tapitra ny fotoana iarovana ny faritra iray voafidy dia hisy faritra hafa indray ho safidiana harovana mandritra ny 6 volana manaraka.

Manan-kery ity fifampifehezana ity raha vao vitan'ny mpihaza sy mpihaky sonia

Natao teto Andavadoaka ny 23 oktobra 2004

ANARANA	ASA ATAO	SONIA
Roubste lera	mpanjono	
Romain	Pandrono	
Razafindraneoja	Panjono	
Velerien	Panjono	
Paul	Panjono	
Sahidy	panjono	
Herve	Panjono	
Bosy	Panjono	
diake	Panjono	
Mosese	Panjono	
Roly	Panjono	
Rafolia	Panbarano	
Sylvestre	Panjono	
Rato Romain	Panjono	



ANARANA	ASAJAO	Sonia
Ramiandrigiroa Patrick	mpanjono	
Fila	mpanjono	
Antony	mpanjono	
Jirom	mpanjono	
CHRISTIAN	mpanjono	
Sofaniaina	mpanjono	
ROMUALD. Toussaint	mpanjono	
VIKELE	mpanjono	
Ely	mpanjono	
Ireneraly	panjono	
Randriamirina Julien	panjono	
Novoson Philippe	mpanjono	
BRUNO	mpanjono	
Zefrin		
Arto	mpanjono	
Robint	mpanjono	
Porak	mpanjono	
SAMBA Roger	mpanjono	
Pierre	mpanjono	

Vu et certifier par LE PRESIDENT FKT

SAMBA Roger

Gny faha 31 Octobra taona 2004 dia noraisin'ny Kaoperativa an-tànana, izay manampy amin'ny fitantànana ny Ankereo, gny fividianana Omby iray nanaovana joro na fomba mba ho fanomezana hasina sy ho fangataham-pitahia amin'ny fametrahana gny faritra arovana egny Ankereo.

Gny Cooperative Maritime du 22ème Parallèle dia manampy betsaka amin'ny fitantànana gny faritra arovana ka mandray an-tànana gny fandoavana gny karaman'ny Gardien na mpanaramaso gny fampiharana Dina egny Ankereo.